FILAZANA HO AN'NY REHETRA

Ampahatsiahivina isika rehetra fa araka ny didy aman-dalàna manan-kery dia toa izao manaraka izao fa ny FOMBAFOMBA ARAHANA AMIN'NY FITANTANANA sy FITAKIANA IREO HETRA HO AN'NY VONDROM-BAHOAKA:

➢ **Ho an'ny hetran-tany sy hetran-trano** (IFT sy IFPB), ny **Kaominina** no misahana ny :

- fanentanana sy fampahafantarana ny mpandoa hetra ka azo ampiasaina avokoa ny fitaovam-tserasera rehetra misy (radio, gazety, afisy, "banderole", fivoriana samihafa, fivoriambem-pokonolona, fitetezan-trano…,);
- fandaniana ny tahan-ketra ampiarina ao amin'ny Kaominina;
- fandraisana ireo filazàna avy amin'ny mpandoa hetra;
- fanomanana ny asa fanisàna sy ireo zavatra samihafa ilaina (fandraisana na fanendrena ireo mpiasa mpanao fanisana, fanofanana azy ireo, famaritana ny vanim-potoana anaovana ny fanisàna na taratasy vita printy hafa mety ilaina na kahie…);
- fanisàna: fidinan'ny ekipa mpanao fanisàna eny an-toerana, fanaraha-maso ny asa fanisàna;
- fampidirana anaty solosaina ireo singa noraisina ho famerana ny hetra amin'ny alalan'ny fampiasana ny « logiciel HETRA » ;
- famoahana ny filazana fameran-ketra ;
- fizarana ny filazana fameran-ketra amin'ny mpadoa hetra tsirairay rehefa avy nohamarinin'ny lehiben'ny foiben-ketra mahefa ka nanaovany sonia, daty ary sonian'ny tomponan'andraikitry ny foiben-ketra ;
- fitakiana ny hetra ary fanomezana tapakila voaisy sonian'ny tomponan'andraikitra mpandray vola ;
- famoahana isam-bolana ny didy mibaiko famoriam-bola (ordre de recettes) ;
- fandraisana ny fitarainana avy amin'ny mpandoa hetra tsirairay momba ny fangatahana ny fampihenan-ketra alohan'ny handefasana any amin'ny foiben-ketra mahefa .

Ny Komisiona Monisipaly na Kaominaly ny hetra no mametraka ny an-kevikofa sy ny tombam-bidy afahana mametraka ny fototra hamerana ny hetra.

Ny Foiben-ketra no miandraikitra ny :

- fanamarinana ny filazana fameran-ketra rehetra mialoha ny fanaparitahana azy;
- famaliana ireo fitarainana avy amin'ireo mpandoa hetra (fanomezana fampihenanan hetra isan-karazany) ;
- fanohanana ara-tekinika ireo Kaominina eo amin'ny fanatanterahana ny FOMBAFOMBA ARAHANA amin'ny FITAKIAN-KETRA ARAHINA FANERENA ;

➢ **Ho an'ny HETRA TAMBATRA**, ireo **Kaominina** otrohin'ny Faritra no manatanteraka :

- ny fanentanana sy fampahafantarana ny hetra tambatra ary fanisàna ny mpandoa hetra ;
- fandefasana any any amin'ny Foiben-ketra mahefa eo an-toerana ny bokin'ny fanisàna isam-pokontany natao mandritra ny taona ;

Ny Foiben-ketra dia miandraikitra ny :

- famerana ny hetra ;
- famorian-ketra (mitety vohitra ho an'ireo tanàna lavitry ny toerana misy ny foiben-ketra)
- fikirakirana ny antontan-taratasin-ketra voatambatra (DFU).

➢ **Ho an'ny HETRA ALAINA AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIKA NY ALIKAOLA sy ny VOKATRA MISY ALIKAOLA**, ny **Foiben-ketra** eo an-toerana no:

- mandray ny fangatahana fahazoan-dalana rehefa avy nampandalovina tamin'ireo manampahefana isan-tsokajiny eo an-toerana (Fokontany, Kaominina, Distrika)
- miandraikitra ny fitakiana ny hetra
- manome alalana na tsia amin'ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola ary mampahafantatra izany ny mpangataka.

➢ **Ho an'ny HETRA ALAINA AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIKA NYALIKAOLA sy ny ENTANA / VOKATRA MISY ALIKAOLA AMIN'NY TOERANA TSY RAIKITRA** dia ny **BEN'NY TANANA** miadidy ny toerana ampiasaina ny fahazoan-dalàna no manome izany na tsia ao aorian'ny fandraisana ireo fangatahina.

Ireo mpivarotra nahazo alalana dia tsy maintsy mandrotsaka mialoha ao amin'ny tompon'andraikitra mpandray ny vola eo anivon'ny Kaominina (Régisseur des recettes) ka ahazoana tapakila voaisy soniany ;

➢ **Ho an'ny HABA isan-taona amin'ny fitaovana mandeha ho azy ampiasaina amin'ny filokana**, dia ny Kaominina tsirairay avy na ireo toerana mampiasa izany sy ny isan'ireo milina ampiasaina ao no manantanteraka ny fanisana ny trano filalaovana ary mandefa ny valin'ny fanisana any amin'ny Foiben-ketra mahefa mba hitatanana sy hitakiana ny hetra mba ahafahana manametraka ny antota taratasin-ketra Voatambatra (DFU).

Antananarivo faha 18 JUIN 2010

NY TALE JENERALIN'NY HETRA

TAZAFY Armand
Inspecteur des Impôts